

# Jesoa Velona Ao Amin'i Maria

Bulletin Mensuel de Formation et d'Information - Association Marie Reine des Coeurs

N° 38, Volana Jona 2021

FOIBE IRAY AN'NY  
FIKAMBANANA

NEW  
YORK

## Fampahafantarana ny fikambanan'ny Associés, ao amin'ny diosezin'i Rockville Centre, New York, Etats-Unis


*Efa manodidina ny roapolo (20) taona eo izay no manatanteraka iraka-fianarana ao amin'ny diosezin'i Rockville Centre any New York ny provinsy montfortanina any Haïti avy amin'ny fisian'ireo pretra samihafa. Ny Révérend Père Wismick Jean Charles, SMM, no nisantatra izany andrana izany tao amin'ny paroasin'i Ste Brigid, Westbury, Long Island.*

### Mompera Jean Jacques Nesly, SMM

Raha vao nanomboka ny ministerany dia efa nihevitra i P. Wismick fa tokony hametraka fototra ao mba hampitomboana ny Fianakaviana Montfortanina amin'ny alàlan'ireo Associés Montfortanina.

Arak'izany ary dia niandany ny aim-panahy montfortanina sy nanao ny fanokanan-tenany amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria ireo 24 mianadahy avy ao amin'ny Paroasy Ste Brigid ny 08 desambra 1999, fankalazana an'i Masina Maria Imakole. Tamin-kahalalahana no nanaovany ny safidiny, sy tamim-pitiavana ary nilaza izy ireo fa vonona ny hiara-hientana ho fampitomboana ny Fianakaviana Montfortanina, ny handalina kokoa ny Aim-panahy Montfortanina ary ny hiara hiasa amin'i P. Wismick ao amin'ny pastoraly paroasialy.





Voamana tsara ity andiany voalohany ity ary mbola miasa mavitrika tokoa ao amin'ny paroasy hatramin'izao fotoana izao. Tena mahay mifanampy tokoa izy ireo ary mbola maneho hatrany ny hetahetany amin'ny fiofanana maharitra.

Tamin'ny 15 aogositra 2008, fankalazana ny Nampiakarana an'i Masina Maria any an-danitra, dia 30 mianadahy teo indray no nanao ny fanokanan-tena tao amin'ny paroasin'i Ste Anne Brentwood, **mbola noho ny finiavan'i P. Wismick ihany, ilay mpanorina sy ambasadaoro tsy mety sasatran'ny Aim-panahy Montfortanina.**

Ireo andiany roa voalohany nanokan-tena dia noraisina teo anivon'ireo mpino voazaha toetra sy manam-pahaizana ary mpandray andraikitra indrindra ao amin'ireo ankohonam-piainana roa. Izy no havokavok'ireo ankohonam-piainana roa ireo.

Tamin'ny 28 aprily 2010 kosa dia mpikambana 22 mifangaro avy ao amin'ny paroasy isany Ste-Brigid, Ste-Anne, Ste-Martha ary St-François d'Assise no nanonona ny fanokanan-tenany.

“”

**Mahatsapa tena koa fa rantsana tafiditra anatin'ity fianakaviana kanto ity izy ary mampiseho fa vonona lalandava handray anjara mba hanampy amin'ireo tetik'asa pastoraly ao amin'ny provinsin'i Haïti.**

Ny 11 desambra 2011 dia nisy mpino 57 koa no niroso tao amin'ny ankohonam-piainan'i Ste Martha izay hita fa liana tokoa ny hiandany ny aim-panahy montfortanina.

Aorian'ireo fankalazana ny fanokanan-tena dia alefa any amin'ny tompon'andraikitrany Associés Montfortanina Amerikanina, mipetraka any Bay Shore, ny lisitr'ireo mpikambana nahavita ny fanokanan-tena miaraka amin'ny soniany avy.

Tsy nisy nanokan-tena vaovao intsony taty aminay hatramin'ny taona 2011. Efa nanomboka nampiofana vondrona maro samihafa ihany aho fa saingy tsy nanam-pahafahana handray ny fiofanana feno izay mitondra mankany amin'ny fanokanan-tena izy ireo noho ny antony arak'asa.

Fa ao amin'ireo paroasy efatra ireo kosa ny mpikambana rehetra dia maneho fahatokiana marina amin'ny Fianakaviana Montfortanina, amin'ny ankohonam-piainana ary amin'izay Pretra montfortanina vaovao tonga. Efa fantany hatrany am-boalohany fa mpanompon'ny Fiangonana izy ireo ary mbola manohy ny fanehoana ny fanomezan-danja ny Fiangonana sy ny asa fanompoana ary ny fiaraha-miasa amin'ny lehibe tompon'andraikitra.

Teo am-pahatongavana tao amin'ny paroisin'i Ste Brigid toy ny mpitantana ara-panahin'ny ankohonam-piainana avy ao Haïti dia nandray ahy tamin-kafanam-po tokoa ireo Associés montfortanina tao sy avy tany amin'ireo paroasy sasany ary avy hatrany dia naneho fisokafana sahady amin'ny fiaraha-miasa. Hatramin'ny androany dia amin'ny fifanajana madio no fiarahanay miasa. Ny « Associés montfortnina avy any New York » dia hetsika tena mahafinaritra.

Maneho mandrakariva ny faniriany mba hahalala tsara ireo asa ataon'ny provinsin'i Haïti sy ny Kongregasiona amin'ny ankapobeny izy ireo. Mahatsapa tena koa fa rantsana tafiditra anatin'ity fianakaviana kanto ity izy ary mampiseho fa vonona lalandava handray anjara mba hanampy amin'ireo tetik'asa pastoraly ao amin'ny provinsin'i Haïti.





P. Nesly Jean Jacques et les associés de New York par devant le Noviciat Montfortain, Montfort - sur- Meu

### Firafitry ny Associés Montfortanina any amin'ireo paroasy samihafa

Isam-paroasy dia voarindra tsara amin'ny alàlan'ny fisian'ny komity ahitana mpikambana mahay sy mandray andraikitra tokoa ny Associés.

- 1- Ny komity mpanandrindra ny Associés ao amin'ny paroisin'i Ste Brigid : **Saintanie Laroche, Alourdes Augustin sy Judith Torchon.**
- 2- Ny komity mpanandrindra ny Associés ao amin'ny paroisin'i Ste-Martha : **Marlène Jean Baptiste; Jean Louis Michelle sy Ingrid Lamour.**
- 3- Ny komity mpanandrindra ny Associés ao amin'ny paroisin'i Ste-Anne any Brentwood : **Margarette César, Odéa Lévesque sy CarnolaPérrard.**
- 4- Ny komity mpanandrindra ny Associés ao amin'ny paroisin'i St-François d'Assise, Hungtinton : **Marie Lunette Cantave sy Judith Maitre.**

### Tsara ho fantatra ihany fa samy mahaleo-tena avy ny fikambanana tsirairay. Ramatoa Yolette Salnave no tompon'antoka amin'ny fandrindrana ireo vondrona ao amin'ny paroasy efatra ireo.

Amin'ny maha mpanandrindra azy moa dia miara-miasa mivantana amin'izay pretra montfortanina manao ny iraka-fianarana ao amin'ny paroasin'i Ste Brigid izy hatramin'ny nandehanan'i P. Wismick. Nanao izay hitany fa mety hatrany ramatoa Yolette Salnave mba hisian'ny firindrana tsara eo amin'ireo vondrona iandreketany sy mba hitazomana ny fiombonana. Hatramin'izao dia mizotra tsara izany. Ny fiarahana manatanteraka izany dia antom-pisiana sy antom-pahavelomana ho anay.

### Amin'izao fotoana izao dia manana mpikambana Associés 140 mikatroka izay miparitaka amin'ireo paroasy efatra ireo izahay.

Manodidina ny 10 ny mpikambana nifindra-monina ary 8 tamin'ny fitambaran'ny vondrona rehetra no efa nody any amin'ny tranon'ny Ray. Handry am-piadanana anie ny fanahin'izy ireo !



## Fanovozana ara-panahy an'ireo mpikambana

### **Isan-taona dia voaantso handray anjara amin'ny laretirety roa maharitra telo (3) andro ireo Associés rehetra ao New York.**

Ny fivoriana voalohany dia vavaka Hateloana andro mialohan'ny fetin'i Md Louis-Marie de Montfort izay entanin'ny pretra montfortanina iray mamita iraka tsy lavitra an'i New York ary mandalo ao New York. Matetika dia tonga avy any Haïti ireo mpanentana, izay nofidiana niaraka tamin'ny Lehibem-pikambanana Montfortanina ao Haïti. Efa imbetsaka aho no nanasa an'ny Mompera Lehibem-pikambanana ao Haïti mba hanamafy orina ny fifandraisan'ireo Associés avy ao New York miaraka amin'ny Associés avy any amin'ireo ankohonam-piainana samihafa ao Haïti.

Ny laretirety faharoa dia atao manodidina ny faran'ny volana aogositra sy voalohan'ny volana septambra, mandritra ny faran'ny herinandro ankalazana ny Fetin'ny asa.

Efa nikarakara fiatahana masina maromaro koa izahay tany Bay Shore sy tany amin'ireo toerana hafa fanaovana fandinihana ara-panahy.

Mifandimby mandray ireo laretirety roa ireo ny paroasy tsirairay isan-taona. Ary ny fandraisana anjaran'ny mpikambana hatrany no miantoka ny fandania amin'ny dian'ireo Pretra Montfortanina hitarika izany.

**Isaky ny famaranana ny laretirety sady fetin'i Md Louis-Marie de Montfort dia mikarakara fiaraha-misakafo lehibe ny paroasy mpandray miaraka amin'ny fandraisan'anjaran'ireo paroasy sasany, ary izany dia vokatry ny fifandraisana tsara eo amin'ny ramatoa mpandrindra sy ireo komity mpiandraikitra ny Associés isam-paroasy.**



P. Nesly Jean Jacques , P. Jean Jacques St. Louis, P. Bonnomeau, P. Santino, P. Wilner Donécia, P. Ronel Charélus. Lourdes. Lors du 300 ans.





Ireo Associés tamin'ny hiran'ny dia-ben'ny fanolorana nandritra ny lanonana fankalazana ny faha 300 taona nahafatesan'i Père de Montfort tao amin'ny Bazilikan'i St Laurent-sur-Sèvre.



## Asa momba ny ara-panahy, sosialy ary misionera ataon'ireo Associés

- 1- Vavaka miaraka amin'ny fianakaviana mandritra ny volana mey sy oktobra.
- 2- Fankalazana Sorona Masina any amin'ny Shrine Our Lady of the Island ,an'ireo Montfortanina ao New York, isaky ny asabotsy voalohan'ny volana efa ho 14 taona izay.
- 3- Fikarakarana fivahinianana masina iraisam-pirenena isaky ny roa taona miaraka amin'ireo Associés rehetra sy Amis sasany.
- 4- Fandraisana anjara amin'ny « Facaget » ao amin'ny tetik'asa fanorenana sekoly ho an'ireo mahantra ao Grande Saline.

5- Miara-miasa akaiky amin'ireo Lehibem-pikambanana montfortanina mifandimby any Haïti ny Associés avy ao New York. Manohana ireo sangan'asa montfortanina any Haïti izy ireny : Lab Informatique ao amin'ny Collège Notre Dame de Lourdes any Port de Paix, Water system ao amin'ny CNDL, Food Program, Grotte Mariale any amin'ny Maison Provinciale, Sapotille, Freezer ary « Batery maina » ao amin'ny Centre Jean Marie Vincent, Grépin, Gros-Morne.

6- Maro izy ireo no mandray anjara (38) amin'ireo hetsika montfortanina any Frantsa: fankalazana ny faha 300 taona tany Frantsa, Lourdes, Novisia ao Montfort-sur-Meu, Pont-Château, Le Marrilais ary St-Laurent-sur-Sèvre.



Les associés de New York , Lourdes . En compagnie du P. Santino.

“”

**Miara-miasa akaiky amin'ireo Lehibem-pikambanana montfortanina mifandimby any Haïti ny Associés avy ao New York. Manohana ireo sangan'asa montfortanina any Haïti.**



## Ireo hafaliana

### **1- Faly sy mirehareha ho anisan'ity fianakaviana tsara sy mivelatra ity ny mpikambana. Maniry ny ahalala sy ahafantatra misimisy kokoa mahakasika ny aim-panahintsika izy.**

2- Mbola mankany amin'ireo toerana montfortanina any Etats-Unis izay mandray azy tsara sy mampahatsiahy azy ny any aminy izy ireo.

3- Andrandraina ny fandraisan'izy ireo anjara sy ny famangiany ireo toerana montfortanina manan-tantara lehibe any France rehefa hankany amin'ny :

- a) Ny fasan'i Père de Montfort any Saint Laurent-sur-Sèvre
- b) Ny Novisia Montfortanina any Montfort-sur-Meu
- c) Ny fitsidihana ny kalvery any Pont-Château
- d) Ny fisakafoanana any amin'ny Maison-mère any Saint Laurent-sur-Sèvre
- e) Ny fitsidihana ny tranon'ireo Zanakavavin'ny Fahendrena sy ny Collège-Lycée an'ireo Freran'ny St Gabriel.
- f) Ny dia-ben'ny fanolorana, niraina sy nandihizan'ireo Associés Montfortanina avy any New York tao amin'ny Bazilikan'i St Laurent tamin'ny fankalazana ny faha 300taona nahaterahan'i Montfort any andanitra dia tena fifaliana lehibe tokoa. Fivahinianana masina tsy hoadinoina iny eo am-panarahan-dia an'ny Mpanorina masina ny fikambanantsika.

4- Mahafaly an'ireo Associés ny miaina ny toe-panahin'i Montfort amin'ny alàlan'ireo Pretra isan-karazany tonga mamita iraka-fianarana any New York nanomboka teo amin'i P. Wismick hatreto amiko. Mahatsapa fahatokisana sy voahodidina izy ireo. Ary mailaka izy ireo ny miara-miasa amintsika toy ny mpandrindra mba hampandroso ireo vondrona misy. Raha efa napetrak'i P. Wismick mazava tsara moa ny rafitra rehetra, izahay kosa dia ny mitondra izay anjara biriky manokana no ataonay ka mihamafy orina ny fikambanana.

5- Mahatsapa fa voaray tsara sy voentan'ireo pretra mpitarika isam-paroasy avy tsara izy ireo.

6- Misy fifandraisana tsara mitoetra eo aminay, Montfortanina izay niasa tao amin'ity pastoraly iraka-fianarana ao amin'ny Diosezin'i Rockville Centre ity, izay nitantana ireo Associés sy manohy ny fitarihana azy ireo ho amin'ny lalana marina.



Fankalazana nandritra ny lamesa tany amin'ny Mont Saint-Michel niaraka tamin'ireo Associés



## Ireo fanamby

1- Iriako ny hahita olona maro kokoa hiaina ny aim-panahintsika.

2- Mba hahaleo-tena ara-bola ny Associés.

3- Mba handray andraikitra bebe kokoa izy ireo ao amin'ireo vina Montfortanina any Haïti.

4- Manatanteraka dia amin'ny endrika misiona any Haïti rehefa tsara ny toetr'andro.

5- Mihaona, minamana miaraka amin'ireo Montfortanina any amin'ny firenena hafa.

6- Tamin'ny fitsidihanany ny Novisia tany Italie dia naneho fientanana amin'ny fametrahana fifandraisana eo amin'ny Associés avy eto New York sy ireo avy ao Lorette Italie, i P. Marco, mpamianatra ny Novisy teo aloha. Tamin'ny fo misokatra tokoa no nandraisan'ireo mpikambana 38 mianadahy izay tany France izany vaovao izany ary niteny fa hanomboka hiomana amin'ny dia izy ireo mandritra ny roa taona manaraka. Indrisy moa fa nosoparan'ity valan'aretina maneran-tany ity izany fikasany izany. Noho izany, aoka ho fantantsika fa ireo Associés ao New York dia maniry tokoa ny hifandray akaiky amin'ireo Associés avy any amin'ny firenen-kafa, indrindra amin'ireo avy any Lorette.

7- Fandraisana anjara amin'ny fankalazana ny faha 150 taona nisian'ireo Misionera Montfortanina voalohany tany Haïti.

Dia mbola tsy tanteraka koa izany fikasana izany noho ity valan'aretina maneran-tany ity ary koa noho ny tsy fahandriam-pahalemana misy ao Haïti.

8- Ny olana iray koa! Raha toa indray andro any ka tsy miasa intsony eto amin'ny diosezin'i Rockville Centre ny Montfortanina dia mety hitarika ny fahafatesan'ireo fikambanana rehetra any amin'ireo paroasy isan-karazany ireo izany. ■



Ireo Associés any Marillais nandritra ny lamesan'ny alahady niaraka tamin'ny ankohonam-piainana

“”

**Ny olana iray koa! Raha toa indray andro any ka tsy miasa intsony eto amin'ny diosezin'i Rockville Centre ny Montfortanina dia mety hitarika ny fahafatesan'ireo fikambanana rehetra any amin'ireo paroasy isan-karazany ireo izany.**





P. Jean Jacques St-Louis et P. Wilner Donécia et les associés â Lourdes



Ireo Associés avy any New York ao amin'ny Lasapely any Pont-Château



# “Hanovo rano an-kafaliana ianareo, amin’ny loharanom-pamonjena”

*Frera Albino, Montfortana, dia mpikambana ao amin’ny Vondrom-piarahamonin’ny Antenimiera Jeneraly. Eto dia misahana asa maro mifandraika amin’ny asa rafitra sy ny fikarakarana zaridaina izy, manatanteraka ireo asa madinidinika amin’ny lafin’ny herinaratra, ny fantson-drano sy ny tao-trano. Ity Frera tsiky lava sy feno hafaliana foana ity dia miaina ny fotom-pisainam-pirahalalana sy ny fahatsorana. Ho azy ny vavaka dia heveriny ho tena zava-dehibe. Ireto manaraka ireto ary dia fijoroana vavolombelona amin’ny lalam-piainany sy ny asa fanompoana ataony.*



Izaho no **Frera Albino Crescenti**. Teraka ny 23 Febroary 1950 tao Oppeano, Vérone, zaza fahatelo, telo mirahalalahy izahay ary manana anabavy iray. Tao amin’ny tanànanay dia misy Eglizy efa hatramin’ny taonjato faha-17 izay mitondra ny anaran’I Masindahy Joany Batista ary misy tilikambo iray izay an’ny Paroasy teo aloha, misy koa toerana iray izay fanaovan’ny tanora fanatanjahan-tena isan-karazany. Ny tanàna nahaterahako izay mitoetra manodidina ny 22km miala ny tanànan’i Vérone, fantatra ihany koa amin’ny famokarana paraky, ovy, ny poara ary ny katsaka.

## Tafatafa niarahana tamin’i Frera Albino Crescenti SMM

Fito andro taorian’ny nahaterahako aho no vita Batemy, izany hoe ny 1 Marsa 1950. Rehefa nandeha teny fotoana dia nihanitombo hatrany ny finoako, teraka tao am-poko ny faniriana hiditra amin’ny Fikambanan-dRelijiozy mba ho tonga Frera. Tamin’ny faha-24 taonako, nihaona tamin’i Mompera Domenico Di Liberatora, Montfortana aho, teo amin’ny Volana Febroary na Marsa 1974 teo ho eo. Ity Mompera ity izay ao amin’ny Fikambanana Montfortana ao Arbizzano. Tonga tao amin’ny Paroasinay izy mba hitory sy hanampy ny Pretra Tompom-paritany tao aminay

Nandritra ity fihaonana tsy nampoizina ity dia niresaka izahay, nambarako azy ny faniriako. Noresahany ahy ny Misionera Montfortana. Noho ity fihaonana ity dia nankany Arbizzano aho ary tany no nihaonako tamin’i Mompera Gino Viscardi. Nandeha tany matetika aho mba hiresaka amin’ireo Pretra anankiroa ireo fa indrindra amin’i Mompera Gino, izy izay mpanentana ny Fiantsoan’Andriamanitra. Nandeha tany nandritra ny volana vitsivitsy aho ary vetivety dia noheverina ho toy ny mpiomana ho Montfortana.





Mba ho fampahafantarana, azoko lazaina fa mba ho tonga mpandrafitra dia nanomboka niasa avy hatrany tamin'ity sehatra ity aho. Avy eo, nankany amin'ny Sekoly mampianatra amin'ny hariva tany Bovolone aho mba hanaraka ny fampianarana amin'ny fanodinana sy fampiharana. Te ho Frera Relijiozy aho satria te hanampy ny Fikambanana amin'ny alalan'ny asa-tanàna. Izy ity dia fanehoana ny fanomezam-pahasoavana manontolo avy amin'Andriamanitra izay tia sy miantso ahy hiaraka Aminy.

Volana vitsivitsy taty aoriana, ny Jona 1974 no marimarina kokoa, nihazo an'i Santeramo In Colle aho, toerana izay nidirako tao amin'ny toeram-piofanana sy ny novisià. 24 taona aho tamin'izany. Noho izany dia voatery nijanona tamin'ny asa maha-mpandrafitra aho.

Mompera Fenili Giuseppe no Mpanabe Novisià ahy voalohany, izay voafidy ho lehibem-pikambanana tato aoriana. Nodimbiasan'I Mompera Claudio Cantù. Tao amin'ny novisià dia notohizako ny asako amin'ny maha-mpandrafitra ahy mba ho fikolokoloana ny trano. Ho ahy ny fahatongavana ho Frera Montfortana dia midika fiaraha-miaina, manampy ny Fikambanana, mivavaka...

“”


**Te ho Frera Relijiozy aho satria te hanampy ny Fikambanana amin'ny alalan'ny asa-tanàna.**





Nanonona ny Voady voalohany aho ny 03 Oktobra 1976 ary ny voady mandrakizay dia ny 02 Mey 1981, tamin'ny faha-31 taonako. Ny Ray aman-dreniko, Marcello sy Palmira ary ireo akaiky ahy dia nandray anjara tamin'ny litorjia tamin'ny voady mandrakizay. Tena faly be aho mazava ho azy ary toy izany koa ny fianakaviako.

Ho ahy Montfort dia « Pretran'ny mahantra », ny misionera dia mivavaka sy mitory ho amin'ny fanavaozana ny Eglizy. Ho ahy, indrindra I Montfort dia Mpampianatra mivavaka. Ireo asorany, toa ny tena fitiavana amam-panajana ny Virjiny Masina, Fitiavana ny Fahendrena Mandrakizay, ny Raki-tsarobidy nankinina tamin'I Maria, ny Vavaka Mivaivay izay nanampy sy nanohana ahy mba ho tonga Mpianatr'i Jesoa tsara.



Mikasika ny fankatoavana ny hetahetan'ireo lehibeko dia azoko lazaina voalohany ny Fiarahamonina tao Via Prenestina ny taona 1977 hatramin'ny 2009. Tiako tsindriana manokana fa nandritra ny 32 taona aho dia tao amin'ity Fiarahamonim-piofanana miaraka amin'ny skolastika ity. Avy eo, nalefa mba hanompo tao amin'ny Fiarahamonina misionera tao Reggio Calabria, ny taona 2009 hatramin'ny 2013, izany hoe nandritra ny 4 taona. Ny taona 2013, no tonga tato amin'ny Antenimiera Jeneralin'ny Monte Mario aho, toerana izay misy ahy ankehitriny.

**Faly aho, tena mahazo aina, toy ny ao amin'ny fianakaviana.** Nandritra izaho tao amin'ny Fiarahamonina tao Via Prenestina, niaraka tamin'I Frera Ernesto Zanga, isan'ny nanolo-tànana betsaka tao amin'ny Fiarahamonina tao Reggio Calabria aho, nandritra ny iray taona ary tao amin'ity Via Romagna ao Roma ity nandritra ny roa taona.



Tamin'ny taona 2019, nasain'i Frera Désiré ho any Madagasikara aho, nahafinaritra ny fandraisana ahy tany, tsy tamin'ireo rahalahy ato amin'ny Fikambanana ihany fa ihany koa tamin'ny Fianakavian'i Frera Désiré. Nisy fifaliana be dia be. Tamin'ity fitsidihana ity, dia nisy ihany koa hetsika iray nahatsiarovana ireo fianakavian'i Frera Désiré izay efa nodimandry. Zavatra tsy mampino : mitomany izahay, mihomehy, mandihy... Raha firenena manana olana lehibe ara-toekarena i Madagasikara dia mitoetra ho feno fifaliana tena hita maso hatrany.

Mampahery ahy ireo taratasy nosoratan'i Mompera Luizinho izay alefany amin'ireo Frera isaky ny 19 Marsa, amin'ny fetin'i Masindahy Jozefa. Ankehitriny, mitodika aminareo rahalahiko Pretra aho : amin'ny asa Pastoral sahaninareo, miezaha mampiroborobo ny fiantsoan'Andriamanitra ho Frera ato amin'ny Fikambanantsika. Tena zava-dehibe ny Frera satria, ankoatra ny zavatra hafa, afaka mijoro ho vavolombelona amin'ny fahatsorana sy ny fifaliana amin'ny fanolorany ny tenany ho an'Andriamanitra izy ireo.

**Miaina izany fahatsorana izany sy ity fifaliana ity ihany koa izahay ao anatin'ny andram-piainana amin'ny Hazofijaliana, amin'ny maha-mpianatr'i Montfort : « Hanovo rano an-kafaliana ianareo, amin'ny loharanom-panomjena » (Izaia 12,3). ■**



“”

**Ankehitriny, mitodika aminareo rahalahiko Pretra aho : amin'ny asa Pastoral sahaninareo, miezaha mampiroborobo ny fiantsoan'Andriamanitra ho Frera ato amin'ny Fikambanantsika. Tena zava-dehibe ny Frera satria, ankoatra ny zavatra hafa, afaka mijoro ho vavolombelona amin'ny fahatsorana sy ny fifaliana amin'ny fanolorany ny tenany ho an'Andriamanitra izy ireo.**



# Misionera vonona ho an'ny Papouasie-Nouvelle-Guinée (PNG)



**Nataon'i P. Rikard Nsalu,  
Misionera Montfortanina**

**Rikard** no anarako , Misionera Montfortanina , avy any Indonesie . Nanao voady mandrakizay aho ny 15 Aogositra 20215 , ary nohamasinina pretra ny 17 Jiona 2016. Rehefa niasa nandritra ny 2taona sy tapany tao amin'ny Paroasy St. Antoine Padou, Mbeling , Diosezy Ruteng , voairaky ny fikambanana tany Papouasie-Nouvelle-Guinée (PNG).

Ny vaovao rehetra mikasika ny iraka hampanaovina ahy tany PNG nanomboka ny 04 Desambra 2018 nifanitsy tamin'ny 33 taonako . Tamin'io fotoana io , nantsoin'i Pr Anton , lehiben'ny Fikambanana eto Indonesie aho. Rehefa avy nirary soa ho ahy izy dia nilaza tamiko fa ny Filankevitra provinsialy dia mieritreritra handefa ahy any PNG. Avy eo nampiany hoe “mbola fampitan-baovao savaranon'ando izay.Mandritra ny andro vitsivitsy , maka fotoana handinihana izay vaovao izay ary manontania tena raha vonona ianao hanao misionera any PNG”.

Tsy nieritreritra ela akory aho namaly hoe « Vonona handeha hamita iraka any PNG aho Mopera”.





Ity fahafahana ity nanosika hanao fiomanana maro samihafa. Ny 6 Aprily 2019 nandeha tany Malang aho ary nijanona tao amin'ny seminera Montfort. Nandritra ny volana Mai 2019, nanaraka fianarana teny Anglisy tao « English Progress » Malang. Ankoatr'izay ny 12 Jiona hatramin'ny 08 Aogositra, nianatra teny Teny Anglisy tao « Indonesia Australia Language Foundation (IALF)» à Surabaya. Rehefa vita ny fianarana dia naka risika manao fitsapana « IELTS (International English Language Testing System) » afahako mahazo taratasy fanamarihana izay anisan'ny fepetra azahoana miditra any PNG.

“”

**Tsy nieritreritra ela akory aho namaly hoe « Vonona handeha hamita iraka any PNG aho Mopera”.**







Rehefa nahazo ny taratasy fanamarinana IELTS aho ny 02 Septambra 2019, lasa tany amin'ny ankohonan-piainana Provincialat Bandung hanomana ny taratasy handehanako (passeport, visa) ary taratasy hafa : ho lasa misionera any PNG.



““

**Ao amin'ny vavaka mivaivay , Md Montfort nangataka tamin'Andriamanitra ny fisian'ny misionera «liberos» sy afaka toy ny rahona izay manidina eny amin'izay itsofan'ny rivotra , manambara ny Fanahy Masina.**





Rehefa nandalo fotoam-piandrasana , ny 23 Febroary 2021 , nandao ny firenena niaviako Indonesie aho. Tonga tao «Jacksons International Airport» ao Port Moresby PNG tamin'ny 4h10. Teo amin'ny seranam-piaramanidina, ampitiavana no nandraisan'i Pr Aloï sy Frera Nirina ahy izay efa niandry efa ela tokoa. Fohy ny fotoana nifampiresahanay satria tsy maintsy nitokana nandritra ny 14 andro fepetra arahina noho ny fisian'ny Covid. Teo amin'ny seranam-piaramanidina, nentina tany amin'ny hotely « Holiday Inn » ary nijanona tao 14 andro (24 Febroary – 08 Martsa). Rehefa vita izany,vonona hatrika ny iraka nanirahina ahy aty amin'ny tany Papouasie-Nouvelle-Guinée.

Rehefa vita ny fotoana nitokanako, niaina andro maromaro miaraka tamin'ireo pretra namana tao amin'ny toeram-piofanana Bomana sy ny Paroasy Morata ao Port Moresby, renivohitry ny firenena . Rehefa avy eo , nandeha tany Kiunga , toerana misy ahy ankehitriny , fotoana afahako mizatra ity firenena ity , mialohan'ny andehanako any amin'ny toerana anirahana ahy. **Efa nitsika tanana maromaro aho, ary faly aho mifanerasera amin'ny mponina aty.**







Ao amin'ny vavaka mivaivay , Md Montfort nangataka tamin'Andriamanitra ny fisian'ny misionera «liberos» sy afaka toy ny rahona izay manidina eny amin'izay itsofan'ny rivotra , manambara ny Fanahy Masina . Mino tokoa aho fa Andriamanitra momba hatrany aty amin'ity tany hamitako iraka. Andriamanitra, izay niantso ahy, hanome ahy lalandava fahasalamana ara-batana sy ara-tsaina amin'ity asa ho voninahitra Andriamanitra Irery. *Deo Soli, Ave Maria.* ■





# FANOKANAN-TENA TAO AMIN'NY DIOSEZIN'NY TAMPICO, MEXIQUE

**Avy amin'i Margarita Flores Orduña**

*Ny 25 Marsa 2021, fetin'ny Fahatongavana ho Nofo ny Teny, olona maro avy amin'ny Paroasy samihafa eto amin'ny Diosezin'ny Tampico ao Mexique no tonga nankalaza ny Fanokanan-tena voalohany amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria, notanterahina tao anatin'ny Fankalazana ny Eokaristia.*



Tao amin'ny Paroasy San Martin indray no nanaovan'i Beatriz Zúñiga et Beatriz Pelayo ny fanokanan-tenan'izy ireo nandritra ny lamesa fankalazana izay notarihan'i Mompera José Luis Villanueva Hernández.

Tao amin'ny Fiangonana Katedralin'ny Diosezin'ny Tampico no nanaovan'i Katheri Natalie García Vargas, Santa Florina Vargas Prado, Teresa San Juan Flores ny fanokanan-tenan'izy ireo, nandritra ny Lamesa izay notarihan'i Mompera Jorge Orizaga.



Tao amin'ny Paroasy Nuestra Señora del Rosario kosa no nanatanteraka ny fanokanan-tenany I Jorge Alberto López Melgarejo et Marcia López Russel. Lamesa izay notarihan'i Mompera Guadalupe Enrique Fernández Coronado.





Ma. Cecilia Gámez Zamarrón indray dia tao amin'ny Paroasy Buen Pastor no nanatanteraka ny Fanokanan-tenany. Notarihan'I Mompera Zeferino Acuña Betancourt ny hetsika teto.



Nandritra izany fotoana izany, olona telo hafa koa no nankalaza ny fanokanan-tenany tao amin'iny Paroasy San Esteban, fantatra amin'izany ry: María de la Luz Aguilera Pérez, Andrea Guadalupe Díaz Aguilera ary Carlos Alberto Olivo Bahena. Notarihan'i Mompera Jorge Bernardo Cruz Garza ny fankalazana.



Ankoatra ireo fanokanan-tena voalohany ireo dia olona maro ihany koa no nanavao ny fanokanan-tenany. Tao amin'ny Paroasy San Luis Gonzaga dia Mompera Martín Rodríguez no nitarika ny Lamesa nandritra ny Fanavaozana ny Fanokanan-tena izay nataon'ny mpikambana miisa roa amin'ny folo. Mitovy dingana amin'ireo dia mpikambana roa ambin'ny folo hafa koa no nanatanteraka ny azy tao amin'ny paroasy Nuestra Señora del Refugio izay notarihan'I Mompera Jorge García Guevara.



Mompera Jorge Orizaga izay miasa ao amin'ny Katedralin'ny Tampiko ihany koa no nitarika ny Lamesa nandritra ny fanavaozan'ny olona marobe avy amin'ny paroasy samihafa ny fanokanan-tenan'izy ireo.



Olon roa no nanavao ny fanokanan-tenany tao amin'ny Paroasy San Martín teo imason'I Mompera José Luis Villanueva Hernández.





Tsy tao amin'ny diosezin'ny Tampiko ihany no nisy ny fanokanan-tena voalohany fa nisy ihany koa olona izay nanonona ny fanokanan-tenan'izy ireo voalohany tany amin'ny Diosezy anankiroa hafa. Selene Salazar Sánchez no olona voalohany amin'izany, izy dia avy ao amin'ny paroasy d'El Sagrado Corazón de Jesús, diosezin'ny Culiacán, ary ny faharoa dia Maslova Ibarra Campos ka ny fanokanan-tenany dia natao tao amin'ny Paroasy San Judas Tadeo y de la Santa Cruz, diosezin'ny Queretaro. ■





# ANDRON'NY LARETIRETY SY NY FANOKANAN- TENA NATAON'NY MPIKAMBANA AO AMIN'NY ASSOCIATION MARIE REINE DES COEURS, PUTUSSIBAU, INDONÉSIE

P. Martin, SMM

Ny 24 mars 2021, ny Fikambanana Association Marie Reine des Coeurs (AMRdC) ao Putussibau, dia nanokana andro iray nanaovana laretirety. Natao tao amin'ny efitrano fialam-bolin'ny Tranon'ny Misiona ao Deo Soli ity laretirety ity. Mompera Rafael Lepen, SMM no mpampiofana izay nanolotra ny lohahevitra hoe : « Maria, eo am-pototry ny Lakroa ». Ity lohahevitra ity dia notsongaina mba hifandraika amin'ny vanim-potoanan'ny Karemy izay nifanindran-dàlana tamin'ny fiomanana ara-panahin'ireo mpikambana ato amin'ny AMRdC izay hanokan-tena ny ampitson'io, dia ny andron'ny 25 Mars 2021 ankalazana ny fetin'ny Misterin'ny Fahatongavana ho Nofo. Ny “eny” nataon'i Maria, tamin'ny fotoanan'ny “Filazana”, dia nanakoako indray tao amin'ilay « eny » nahatonga azy ho Reny ato amin'ny Fiangonana : « Ravehivavy, indro ny zanakao.”



Tamin'ny fampianarany, nanentana ny mpikambana ato amin'ny Fikambanana i Mompera Rafael mba hianatra zavatra betsaka avy amin'i Maria Virjiny izay teo am-pototry ny Lakroan'ny Jesoa Tompo. Ny fanatrehan'i Maria ity tranga mampalahelo natao an'ny Zanany ity fanatrehana mavitrika iray: miara-mijaly amin'i Jesoa i Maria.

Nasain'i Mompera Rafael ireo Mpiara-dia mba handika ny hevitra ny fanokanan-tenan'izy ireo amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria amin'ny fomba fijery misionera : maka tahaka an'i Maria amin'ny ady atrehina amin'ny fiainana amin'ny maha-lahika, olon'ny Fiangonana ary vahoakan'Andriamanitra ao amin'ny Paroasy.

Ny 25 Marsa 2021, nankalazainay manetriketrika tamin'ny alalan'ny Lamesa ny fetin'ny Filazana, tao amin'ny lasapelin'ny Tranon'ny Misiona, Deo Soli. Ny Lamesa izay notarihan'i Mompera Jack, SMM, notronin'i Mompera Rafael, SMM ary Mompera Martin SMM. Niavaka ity lamesa tamin'ny androm-pankalazana ny Filazana ity satria nanamarika izany ny Fanokanan-tena voalohany nataon'ny mpikambana iray ato amin'ny Fikambanana.



Nanatrika ity Lamesa ity ireo rahalahy ato amin'ny Fikambanana ao Putussibau, Mendalam, Siut ary ireo mpikambana rehetra ao amin'ny AMRdC, teo koa ireo efa nahavita ny Fanokanan-tena ary ireo izay nanomana ny fandaharam-potoana amin'ny « Fivahinianana Masina Totus Tuus ». Nisy olona hafa ihany koa nanatrika ny Lamesa.



Faly tena faly ny mpikambana rehetra ao amin'ny AMRdC satria tamin'ity taona ity dia afaka nankalaza ny fetin'ny Fahatongavana ho Nofo ny Teny, teo anivon'ny Fianakaviambe Montfortana izy ireo, tao amin'ny faritra Kapuas Hulo, Putussibau.

Andriamatoa Antonius Baring Tandto, izay hany mpikambana token'ny AMRdC nanao ny fanokanan-tenany tamin'io andro io, nilaza izy fa tohina sy tena faly satria afaka nanonona ny fanokanan-tenany ihany izy ny farany : « Tena tohina aho, Mompera...misaotra...efa ela aho no niditra an-tsehatra tato amin'ny AMRdC fa izao aho vao afaka manolotra ny tenako manontolo amin'Andriamanitra, manavao ny Batemiko teo am-pelan-tanan'i Maria Virjiny. Faly aho fa nanohana ahy daholo ny rehetra ». M. Baring Tandto moa dia Filohan'ny Filan-kevitra Pastoral teo aloha ny Paroasy Masina Maria notorotoronina tsy azon-keloka ao Putussibau. Manantena izy fa amin'ny taona hisotroany ronono, dia afaka hanompo an'Andriamanitra ao amin'ny Paroasy izy sy ny vondron'olona ifotony. ■

“”

**Nasain'i Mompera Rafael ireo Mpiara-dia mba handika ny hevitra ny fanokanan-tenan'izy ireo amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria amin'ny fomba fijery misionera : maka tahaka an'i Maria amin'ny ady atrehina amin'ny fiainana amin'ny maha-lahika, olon'ny Fiangonana ary vahoakan'Andriamanitra ao amin'ny Paroasy.**



# « Fa iza moa io, fa ny rivotra sy ny ranomasina avy no manaiky Azy ? »

20 JONA 2021

Alahady tsotra faha -12 Mandavan-taona — Taona B

Evanjelin'i Jesoa Kristy  
araka an'i Masindahy Marka (4, 35-41)

Tamin'izany andro izany,  
Fanoharana maro no notorian'i Jesoa teny tamin'ny vahoaka. Ary nony hariva ny andro, dia hoy Jesoa tamin'ny Mpianany:  
« Ndeha isika hita eny an-dafin'ny rano .»  
Dia nilaozan'izy ireo teo ny olona, ka nentiny tao antsambo kely i Jesoa, Ary nisy sambo kely maromaro hafa koa niaraka taminy. Nisy tafio-drivotra mafy. Nampisavoana ny onjan-drano hatrany anaty sambo kely, Ka efa nihafeno rano sahady izy.  
Jesoa kosa natory tamin'ny ondana teo ambodin'ny sambo kely.  
Nofohazin'ny Mpianatra Izy ka nilazany hoe :  
“Ry Mpampianatra ô, maty isika;  
Tsy mampaninona anao va izany?  
Nifoha Izy ary niteny mafy ny rivotra ary niteny tamin'ny ranomasina hoe: “Mangina, mitonia!”  
Nitsahatra ny rivotra, Ary nitony ny andro.  
Hoy Jesoa tamin'izy ireo :  
“Nahoana no saro-tahotra ianareo ?  
Tsy manam-pinoana ihany va ianareo?”  
Tratry ny tahotra be izy ireo,  
Ary nifampilaza hoe:  
“Iza moa Izy io,  
Fa ny rivotra sy ny ranomasina avy no manaiky Azy?”

Avy amin'i Pierrette MAIGNÉ





Ny Litorjia amin'ny Alahady tsotra faha-12 mandavan-taona (ny 20 Jona) dia manolotra ho antsika ity Evanjely diso fantatra loatra amin'ny fampitoniana ny tafio-drivotra araka izay voalazan'i Marka.

Ny fitantarana rehetra dia nifarana tamin'ity fanontaniana ity hoe : « Iza moa izy io fa ny rivotra sy ny ranomasina avy no manaiky Azy.

Rehefa nifarana ny tontolo andro iray nandrera, tontolo andro misionera, nandidy ireo mpianany i Jesoa hiampita ery an-dafindrano. Fitsangatsanganana mampidi-doza ny fiampitana ny farihy satria matetika misy tafio-drivotra, fanampin'izay alina ny andro. Ny morona hafa dia moron-dranon'ireo mpanompo sampy, noho izany dia toerana feno fankahalana, ny ranomasina dia toeran'ny herin'ny ratsy, ary ny alina tsy mitovy amin'ny andro, izay mitarika amin'ny herin'ny maizina. Amin'ny alalan'ireo singa nananan'ny Marka ireo dia te hitarika antsika amin'ny fanambaràna izy fa: i Jesoa no ilay miady amin'ny herin'ny ratsy ary Mpandresy Izy amin'izany.





Matory I Jesoa: indray mandeha ihany ao amin'ny Evanjely no ahitantsika an'I Jesoa matory.

Manoloana ny famoahana ireo singa ireo sy ny torimason'I Jesoa, dia raiki-tahotra ny mpianatra, nofohazin'izy ireo i Jesoa izay nanakiana azy ireo noho ny tsy fahampian'ny finoany: Nahoana no saro-tahotra ianareo?

Ny nampatonga ny tahotr'izy ireo dia ny fahatsapana fa nilaozana, irery miatrika ireo singa rehetra mampatahotra ireo, satria natory Jesoa. Ny tsy fahampian'ny finoan'izy ireo dia midika fa tsy ampy fitokisana an'i Jesoa. Amin'ity an-dàlana ity dia ny fitokisantsika an'Andriamanitra no anontaniana: mandalo tafio-drivotra maro isika eo amin'ny fiainantsika ary afaka mametra-panontaniana amin'ny tenantsika rehefa maizina avokoa ny zava-drehetra, tsy hita izay hombàna, manao ahoana ny toe-tsaintsika? Mino ny tenantsika ho toy ireo Mpianatra nilaozan'Andriamanitra isika: maty isika, tsy mampaninona anao ve izany?

Mampiharihary ny fahalementsika sy ny mamparefo antsika ny fahasahiranana; tsy manam-pinoana ihany ve ianareo ? Ny fananana finoana an'Andriamanitra dia tsy ny finoana ny fisiany ihany fa ny fankanesana eo Aminy, fitokisana Azy, azo antoka fa miahy antsika Izy : Ny Tompo no fahazavako sy famonjena ahy, iza no tokony hatahorako ? (Salamo 26).

Ny tahotra dia midika tsy fahampian'ny finoana ary fitokiana amin'ny herin'ny tenantsika manokana. Nantsoina isika hamerina ny tenantsika ho amin'ny finoana indray, raiso ao amin'ny sambokelim-piainantsika i Jesoa ary iaino ny fitokisana tanteraka Aminy.

Nanentana ny Kristianina voalohany i Masindahy Piera : Apetraho Aminy ny fanahianareo rehetra fa Izy no miahy anareo (1Piera 5,7) ary Masindahy Paoly ao amin'ny taratasy faharoa nosoratany ho an'ny Korintiana dia mizara amintsika ny traik'efam-piainany tamin'ny nandraisany ny Tompo : Ampy ho anao ny fahasavako, sady amin'ny fahalemena indrindra no iamparan'ny heriko (2Kor. 12,9).



Tamin'ny Hazofijaliana no namonjen'ny Tompo antsika ary tsy misy hahasaraka antsika amin'ny Fitiavan'ny Manavotra, koa matokia ary mirary soa anatin'ny tsiokan'ny Fanahy. ■



## MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax (+39) 06 30.11.908 ; Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome - ITALIE;  
E-mail: [rcordium@gmail.com](mailto:rcordium@gmail.com) ; <http://www.montfortian.info/amqah/>